# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7592 | Taona faha-25 | Vidiny : 500 Ariary | Gazety mivoaka isan'andro | Talata 13 jona 2023



## AMPANIHY ANDREFANA
4

# FISOLOKIANA HANANGANANA KAOMININA NAKANA 5 TAPITRISA Ar IREO SEFO FOKONTANY

## MARINA IZANY ! TSY RE TSAIKA !
7

## ASA FANAOVAN-GAZETY
7

# NODIMANDRY OMALY I MIRANA RAZAFIN-DRAZAKA



## FILANKEVITRA NASIONALIN'NY SECES
8

# TSY VOAHAJA NY DEMOKRASIA SY NY FAHALALAHANA MANEHO HEVITRA



## MIHAVA TOUR
7



# MARO NY SAKANA, NANOHITRA HATRANY NY EKIPAN'I SITENY

## ROVAN'I MADAGASIKARA
2

# HISOKATRA HO AN'NY REHETRA NY 19 JONA

## "ILES EPARSES"
7

# MBOLA TSY AO ANATIN'NY LAHA-RAM-PAHAMEHAN'NY FANJAKANA

## KITRA / BAREA U-23
3

# NAHANTON'NY FMF NY FIARAHA-MIASA AMIN'NY UFICASM








Le Park Bemasoandro Itaosy

# Hisy tsiaro an'i Vahombey amin'ny sabotsy izao



Sabotsy 18 jona 2022 – sabotsy 17 jona 2023. Feno herin-taona katroka amin'ny sabotsy izao (raha ny andro no jerena) no nandaozan'i Vahombey, na Rabearison Roland Dieudonné, ny tany. Lehilahy nanana ny maha izy azy tanteraka na teo amin'ny tontolon'ny zavakanto sy ny fanatanjahantena (mpikatroka karate nandritra ny 41 taona sady artista ihany koa), na teo amin'ny sehatry ny politika (efa nilatsaka filoham-pirenena), na teo amin'ny fanabeazana (mpampianatra tamin'ny sekoly ambony) na teo amin'ny tontolon'ny sosialy sy ny fampandrosoana (fanandroana, revolisiona vazimba, …). Koa ho fanomezam-boninahitra azy, hisy ny tsiaro manokana azy eny amin'ny Le Park Bemasoandro Itaosy ny tolakandron'ny sabotsy 17 jona 2023 izao. "*Teto aminay no azo lazaina hoe toerana niantsany faramparany ny 30 janoary 2021. Fotoana niarahany tamin'ny mpiray faribolana ao amin' ny Sandratra tao anatin'ny Alim-betso io. Nanomboka tamin'ny 8 ora alina teo ho eo ilay fiarahana, fa madiva haraina mihitsy i Vahombey vao nanapa-kevitra ny hamonjy fodiana, satria nafana ny fampiadiana tononkalo sy hirahira tamin' izay. Izay no antony nanokananay fotoana hoentina hahatsiarovana azy* », hoy ny tomponandraikitra.

**Nametraka dindo**

Ho an'ireo izay mihaino ny tononkirany sy ny resaka ataony, hitarafana ny fomba fisainany. Nanana olobe feno fahendrena lalina isika, nolalovan'i Vahombey, izay nametraka dindo maro tsy hay kosehina. Porofon' izany, ireo teny ampiasaina toa ny hoe : "Bezoro" sy ny "Salanitra", izay mifono filozofia lalim-paka tokoa. Rehefa vory vahoaka izy, dia Salanitra no entiny miarahaba ireo mpanatrika. Fomba fiteny tranainy fa nofohaziny, satria mirakitra fahendrena lalina. Ny Bezoro, teny baiko nohagasiany saingy misy hevitra tiany hampitaina ihany koa ao anatin'izany.

Koa ho an'ireo mpankafy sy mpanara-dia izany hoe Vahombey izany. Tongava eny amin'ny Le Park Itaosy hiaraka hahatsiaro azy amin'ny sabotsy 17 jona 2023 izao.

**Fy**



Saro-piaro amin'ny kolontsaina malagasy i Vahombey.

Telma

# Hivarotra ireo vokatra "Itel" manomboka izao

Tanteraka omaly ny fifanaovan-tsoniam-piarahamiasa teo amin'ny Telma sy Itel. Manomboka izao araka izany dia azo jifaina eny amin'ireo "shop telma" misy manerana ny nosy avokoa ireo vokatra Itel rehetra. Hanombohana izay fiarahamiasa izay dia namoaka ny finday Itel A60 ny Itel amin'izao. Finday avolenta sy raitra sady miavaka izy io ary mety amin'ny rehetra. Tolotra natao indrindra amin'izao ankatoky ny fetin' ny ray izao, satria misy ny fihenam-bidy amin'izany.Ny hanome fahafaham-po ny mpanjifa hatrany moa no tanjona kendren'ny Telma ka izay indrindra no nahatonga azy ireo tsy nisalasala niara-niasa tamin'ny Itel.

**Tanya.R**



Ny hanome fahafaham-po moa no tanjona kendren'ny Telma.

Christian Sanna

# Manolotra fampirantiana : "fady kambana" etsy amin'ny IFM



Santionany amin'ireo tabilao haranty ao.

Manolotra fampirantina etsy amin'ny IFM Analakely hatramin'ny 30 jona izao i Christian Sanna, ilay mpaka sary iray avy any Nosy be amin'izao. "Fady kambana" no lohahevitra noraisiny tamin'ity hetsika ity, izay anehoany an-tsary ny fombafomba misy any amin' ny faritra Mananjary any manoloana ireo ray amandreny miteraka zaza kambana. Tetikasa iray niarahany niasa tamin'ny fikambanana tsy manary zaza ary notohanan'ny Pnud moa no nahazoana izao vokatra izao. Efa tamin'ny taona 2013 no namolavolany izany, saingy izao kosa vao asehony izy ireo. Tafiditra ihany koa amin'ilay tetikasa manohana ny zon'ny ankizy eo amin'ny sehatra iraisampirenena ihany koa izao, ka izay no nifidianana ny hamoahana azy amin'izao. Misokatra amin'ny rehetra sady tsy misy vidim-pidirana moa izao hetsika izao.

**Tanya.R**

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Ny fahoriana dia manefy sy manitsy. Ka izay mahatsapa azy ho mitaiza dia hanam-pahendrena, hitombo vola sy harena. »

Ny Vetso (20 .08. 14)

(«En temps de crise, les gens deviennent sages.» Proverbe Chinois)

Rovan'i Madagasikara

# Hisokatra ho an'ny daholobe ny alatsinainy 19 jona



Tao anatin'ny 3 taona no nananeran'ny fitondrana ankehitriny ny Rovan'i Madagasikara ary miverina amin'ny endriny izy ankehitriny taorian'ny 28 taona nahamay azy. Efa nisy ihany ireo nikasa hanangana ny rova fa tsy tanteraka izany. Ny rovan'i Madagasikara moa dia ahitana Lapa, Fasana, Kianja Masoandro, Tranovola, Besakana Manampisoa saingy ny mampiavaka azy amin'ny Rova sasany dia izy ahaitana Fiangonana. Vita izany ankehitriny ka hisokatra amin'ny fomba ofisialy ny alahady izao izao, natokana ho an'ireo olona nahazo fanasana manokana, fa ny alatsinainy 19 jona kosa no misokatra ho an'ny daholobe. Hetsika maro no nomanin'ny Minsiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina hanamarihany izany ny alahady izao raha araka ny fanazavan'ny Tale Jeneraly Francis Razafiarison eo anivon'ny ministeran'ny serasera. Hanamarika izany ny fampisehoana ataon'ny ankizy tsy latsaky 200 izay hanehoan'izy ireo ny tantaran'i Madagasikara hatramin'izay ao amin'ny Kianja Masoandro. Hira sy dihy ary famerenana ny tantara no haseho mandritra ny ora iray eo ho eo. Hanomboka amin'ny 4 ora hariva ny hetsika ary mialoha izany dia hisy ny fitsidihana ireo fotodrafitra vaovao sy ny ao anatiny. Noho ny antony maro samihafa dia mbola tsy misokatra ho azon'ny rehetra tsidihina aloha ny Lapa Manjakamiadana. Ny "Lapa Tranovola sy Manampisoa" dia natao tao anaty "bèton" mba hiarovana azy ireo amin'ny mety hisian'ny fianjerana, ny hain-trano, ny horohoron-tany ary ny fikorontanan'ny bibikely. Ny ivelany anefa dia rakotra hazo toy ny tamin'ny andro fahiny. Araka ny tantara, ny "Manampisoa" sy ny "Tranovola" dia lapan'ny mpanjaka sy mpanjakavavin'i Madagasikara nandray ny vahiny.

**Hisarihana mpizaha tany**

Efa tara aloha ny fisokafan'ity vakoka ara-kolontsaina ity. Mifandraika amin'ny hetsika fizahantany antsoina hoe "ITM", na Foara iraisam-pirenena ho an'ny fizahantany eto Madagasikara, ity fanokafana ny tranon'ny mpanjaka sy ny mpanjakavavin'i Madagasikara teo aloha ity. Samy maniry ny hitsidika ity toerana mirakitra ampahany lehibe amin'ny tantaran'i Madagasikara ity ny Malagasy na ny vahiny. Ny alatsinainy no hosokafana ho an'ny daholobe ny toerana. Tsy mbola fantatra aloha raha hitazona ireo sarany efa nambaran'ny Filoha tamin'ny taona 2020 ny tompon'andraikitra, satria raha tamin'izany dia tokony 2.000 ariary ny fidirana ho an'ny mpianatra, 10.000 ariary ho an'ny olon-dehibe ary 100.000 ariary ho an'ny mpizaha tany vahiny. Tamin'izay fotoana izay dia nihevitra ny hisarika mpitsikdika 300 000 ka hatramin'ny 500 000 isan-taona eo ny Rovan'i Madagasikara.

**Tiaray R**



Amin'ny endriny vaovao, mahasarika ny maso ny fanehoana ny tantaran'i fanjakana nifanesy tao an-drova.

Kitra - Barea U-23

# Nahanton'ny FMF ny fiaraha-miasa amin'ny UFICASM

*Ireo mpilalao tsy manan-tsiny no voa mafy amin'izao disadisa eo anivon'ny roa tonta izao.*

Noho ireo fitarainana maro be voaray avy amin'ireo mpiara-miombona antoka, nanapa-kevitra ny mpitantana eo anivon'ny federasiona fa hahantona ny fiaraha-miasan'ny FMF sy ny fikambanana UFICASM, eo amin'ny taranja baolina kitra. Raha ny fanambarana navoakan'ny Federasiona, manodidina ny fitantanana ireo lalao tafiditra tamin'ny fifanintsanan'ny CAN U-23 nataon'ny UFICASM izany, izay nisy fiantraikany tamin' ny FMF. Notsindrian'ireto farany fa tsy afa-misaraka amin'ireny mpiara-miombona antoka ireny izy ireo, ary manameloka tanteraka ny fandotoana ny baolina kitra malagasy. Raha hiverenana, nanao fanambarana ny teo anivon'ny UFICASM, fa hanao fampivondronana ny Barea U-23, amin'ity volana jona ity any Frantsa. Efa namoaka ny anaran'ireo mpilalao hanatrika izany izy ireo miaraka amin'ny mpanazatra, Boualem Mankour, izay nanaiky hiverina. Andro vitsy lasa anefa, nanao fitarainana ireo mpitantana ny UFICASM, fa tsy afaka hamonjy ity fampivondronana any Frantsa ity ireo mpilalao avy eto an-tanindrazana miampy an'i El Hadary Raheriniaina (Seychelles) sy Arnaud Randrianantenaina milalao atsy Ejypta. Ny "visa" hahafahana mandeha any Frantsa no anton'izany, izay nolazain'ny UFICASM fa tsy nomen'ny FMF ny taratasy hahafahana mangataka azy ity. Manoloana iny fanambaran'ny FMF omaly iny, andrasan'ny maro ny tohin' ny raharaha, ny amin'ny hoe mbola hanohy io fampivondronana io ve ny UFICASM sa tonga dia rava amin'izao, satria tsy misy intsony ny fifanarahana.

**Rabenaivo**

Kitra - CAN 2023

# Hanatevina ny Barea i Carolus sy Ibrahim Amada



Efa miatrika fanazarantena miaraka amin'ireo mpilalao avy eto an-toerana ireo mpila ravinahitra.

Herinandro mialoha ny fihaonana amin'i Ghana, namoaka tao anatin'ny pejy facebook-ny omaly ny FMF, fa nantsoina hanatevina ny ekipam-pirenena malagasy i Donga, mpilalaon'ny Fosa Juniors sy Ibrahim Amada. Ankoatra izay, hosoloina an'i Carolus i Njiva. Niezaka nanontany ny antony tamin' ny mpanazatra sy ny teny anivon'ny federasiona izahay, fa tsy nahazo valiny. Tsiahivina fa tafiditra amin'ny andro faha-5 amin'ny fifanintsanan'ny CAN 2023 ity fihaonana ity, ka hatreto dia ny Barean'i Madagasikara no farany vonjimaika anatin'ny vondrona misy azy. Tsy hanova inona ho antsika intsony ny vokatra amin'io, fa hitazomana ny filaharana maneran-tany mba tsy hidina fotsiny. Hanomboka amin'ny 5 ora hariva ny fihaonana hotanterahina etsy amin'ny kianjan' ny Barea, amin'ny alahady 18 jona, efa nanomboka omaly ny fivarotana ny tapakila. Raha hiverenana ny mahakasika ireo mpilalao, ankoatra ny teto an-toerana, efa tonga tamin'ny alahady teo ry Koloina (USMA) avy any Alzeria, Rakotovazaha Allan(Cergy Pontoise), Dorian Bertrand (Fc Arges Petisti). Omaly kosa i Metanire Romain avy any Etazonia sy Angelo Andrianantenaina(A Excelsior), Melvin(Thonon Evian), Ando Manoelantsoa (JS St Pierroise) ary Baggio Romario(Jeanne d'arc) no tonga teto an-tanindrazana. Andrasana anio ny delegasiona farany, ahitana an'i Boyer Fabien(JS St Pierroise) sy Hakim Abdallah (RE Virton).

**Rabenaivo**

"FIBA 5x5 - Mondial U19"

# Hiatrika lalao fanomanantena any Serbie ihany koa ny ANKOAY



Hifantoka any Debrecen ny sain'ny mpankafy basket-ball, hanaraka ny lalaon'ny ANKOAY !

Toy ny ekipam-pirenena niatrika ny fiadiana ny tompondaka eran-tany tamin'ny « FIBA 3x3 » tany Vienne (Autriche), dia niainga teto an-tanindrazana ihany koa, omaly, ny ANKOAY, hisedra ny "FIBA 5x5 – Mondial U19" any Debrecen (Hongrie), nihazo an'i Serbie ka hanao lalao fanomanantena mandritra ny 10 andro, mialoha ny hiatrehana ny fifaninanana manomboka amin'ny sabotsy 24 jona 2023 ka hatramin'ny alahady 02 jolay 2023. Amin'ireo mpilalao 12 mirahalahy nandray ny fiaingana, dia i Thesbon Sydney Raolompanantena (Poissy Versailles/FRA – teraka : 28/1/2005 – 184 sm – 82 kg – Poste 4) irery ihany no tsy ao anatin'ny delegasionina fa avy hatrany dia namantana any Serbie izy. Marihina fa nisy tamin'ny mpilalao "namono ny voay", niatrika ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika teto Madagasikara no tsy tafiditra ao anaty lisitra fa novaina mpilalao hafa. Tsara ho fantarina kosa ny momba azy ireo tsirairay avy, izay ny ankamaroany dia avy amin'ny ekipan'ny MBC avy any amin'ny Ligin'Atsinanana. Somary nahabe resaka ny mpanaraka ny taranja basket-ball ihany no momba an'ity ekipa ity, izay namokatra mpilalao efatra be izao mandrafitra ny ANKOAY. Anjaran'ny tekinisianina sy ny tomponandraikitry ny federasionina (FMBB) moa no manapaka farany ny mpilalao mandrafitra ny ekipam-pirenena, ka aleo ny fanohanana sy ny tsodrano ary ny fitrotroana ambavaka azy ireny no imasoana sy ifantohana satria voninahi-pirenena no arovany amin'izao fifaninanana iraisampirenena avo lenta izao. Momba ny lalao fanomanantena ataon'ny mpilalaon'i Randria Aimée "Mémé" sy Razazarohavana Malalatiana any Serbie, dia hifantoka amin' ny fanazarantena avy hatrany any amin'ny kianja mitafon'i Vizura Sport ny ANKOAY, manomboka anio hariva ka hatramin'ny alarobia 21 jona 2023. Voatsinjara sy noferana ho adiny roa isan'andro no hanaovana fanazarantena, izay hipasohana ny lesoka hita hatramin'izay. Lalao fitsapana efatra no ataon'ny mpilalaontsika. Anisan'ny ekipa fantatra fa hifandona amin'ny ANKOAY amin'ny alakamisy 15/06/2023 ny ekipam-pirenen'i Chine, izay hiatrika ny "Mondial U19" any Hongrie ihany koa. Mandritra ny lalao fanomanantena dia irariana tsy hisy mpilalao haratra. Mikasika ny fanohanana ara-pitaovana sy sakafo ary fanafody an'ireo mpilalao, dia azo lazaina fa ity ekipan'ny ANKOAY ity no nahitana orinasa nanolotanana, nitondra ny anjara birikiny be indrindra tamin' ny fanohanana ny mpilalao. Nandritra ny fampivondronana ka nampiantranoana ny mpilalao tetsy amin'ny hotely Radisson Ambodivona dia ny KFC no namatsy sakafo an-dry Lovasoa sy ny namany. Amin'ny antoandro indray, rehefa avy manao fanazarantena (indroa isan'andro marain-tsy hariva) tao amin'ny lapan'ny fanatanjahantena sy kolotsaina Mahamasina, dia novatsiana antoandro, kidoro, natoriana antoandro, nialàna sasatra, ary nanaterana sakafo teny antoerana ihany. Isorohana ny fivezivezena ka mety ho lanaky ny fitohanana lavareny eto andrenivohitra ireo mpilalao.

**Nahatafiditra mpilalao roa ny EBF**

Amin'ireo ekipa eto antoerana hatrany, dia nahatafidtra mpilalao anankiroa ho ao anatin'ny ANKOAY ihany koa ny Ecole de Basket-ball Fianarantsoa (EBF). Tahaka izao ny momba an'ireo mpilalao 11 mirahalahy : M'Madi Mathias (Elan Chalon/FRA – 02/06/2005 – 198 sm – 77 kg – P.1) – Andriatsarafara Lovasoa Ny Aina (ASCUT Atsinanana – 17/01/2004 – 205 sm – 95 kg – P.5) – Rakotonanahary Landric Donovan (E.U/USA – 28/01/2004 – 2 m – 92 Kg – P.3) – Heritiana Fabrizio Mickaël (EBF/Matsiatra Ambony – 07/07/2005 – 184 sm – 66 Kg – P.1.2) – Rabibisoa Jerry Pepin (COSPN/Analamanga – 15/12/2004 – 202 sm – 73 Kg – P.4.5) – Tovolalaina Mariano Sylvain (MBC/Atsinanana – 04/01/2004 – 198 sm – 80 Kg – P.4) – Randimbiarivelo Rino (SBC/Vakinankaratra – 04/03/2004 – 178 sm – 65 Kg – P.1.2) – Andriatsife-rana Maharavo Leva (MBC/Atsinanana – 02/05/2004 – 184 sm – 72 Kg – P.4) – Emmanuel Yves Victorien Léon (MBC/Atsinanana – 15/11/2004 – 180 sm – 70 Kg – P.2) – Tsihindiny Laurent Tahintsoa O'Neal (EBF/Matsiatra Ambony – 16/01/2005 – 198 sm – 82 Kg – P.5) – Be Richcard (MBC/Atsinanana – 07/05/2004 – 178 sm – 75 Kg – P.3.4).

**aris rafaly**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, lamba, TV, debara, sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 558/20-17)

* Lamba, kiraro, fanaka, TV, frigo, machine, korontana, kilalao, sns. M. Sarah. Tél : 034.03.047.43 / 033.06.917.40. (G-BA 565/16-9)

* Lamba, kiraro, poketra, debara, kilalao, lakozy, frigo. Tél : 034.61.958.82 / 033.07.941.16. (G-BA 569/15-6)

### COURS

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 574/4-1)

### VIDANGE

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 567/6-6)

* Manao asa momba ny vidange wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 567/6-6)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 567/6-6)

* Fosse septique puisard Makiplast wc perdu, wc gasy. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 571/15-3)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, reparation, pompage. Tél : 034.84.866.77. (G-BA 573/6-1)

Ampanihy Andrefana

# Fisolokiana hananganana kaominina, nakana 5 tapitrisa ariary ireo filoham-pokontany

Tranga iray nahatsikaiky tany amin'ny kaominina ambanivohitra Beahitsy, distrikan'Ampanihy Andrefana. Nisy olona misoloky fa hoe hanangana kaominina ka nangalan'ireo vola 5 tapitrisa ariary ireo filohampokontany tsirairay. Raha ny fanazavana dia misy olona miantso ireo sefom-pokontany maromaro tao anatin' ny kaominina Beahitsy, toy ny fokontany Sainta, Ankaranty, Ambatomainty, Ankilimaro, Ankilimalangy, Sainta Tsikoakahitry, Ranoabo haut, Agnena atsimo ary Ranofoty, fa homena kaominina vaovao. Mitaky vola izy ireo hikarakarana ny antontan-taratasy ka efa maherin' ny 5 tapitrisa ariary ny vola azon'ireo mpisloky ireo. Ankoatra izay dia misy koa ireo vola azon'ireo mpisoloky mikasika ireo olona hotendrena ho ben'ny tanàna sy lefitra, ary vola hatao solika sy hofan'ny fiara. Rehefa azon'izy ireo izany vola izany dia milaza foana izy ireo fa an-dalana ho tonga fa mbola misy olana", hoy ny loharanombaovao. Hatreto dia mandeha ny fikarohana ireo olon-dratsy ireo ary misy ny toromarika nomena ny ben'ny tanàna fa tsy mbola misy fananganana kaominina vaovao izany amin'izao fotoana izao. Ny zandary ao anatin'ny vondron-tobimpileovana Atsimo Andrefana no mandray an-tanana ny raharaha. Nentanina ihany kao ny vahoaka tsy ho voasoloky mikasika izao raharaha izao.

**Ariel D.**

Antsalova

# Olona telo nalain'ny dahalo an-keriny

Mbola any am-pelatanan'ny dahalo ireo telo lahy nalain' izy ireo an-keriny tao amin'ny fokontany Besara, kaominina Masoarivo, distrikan'Antsalova, faritra Melaky, omaly. Lasa tamin' izany ny omby miisa 2 an' ny raim-pianakaviana iray antsoina hoe Fandro ary lasan'ireo dahalo ireo ihany koa io lehilahy io sy ny olona roa hafa, ka ny iray amin' ireo dia talen'ny sekoly fanabeazana fototra ao an-toerana.
Raha ny fantatra hatrany dia nitaky vola 4 tapitrisa ariary ho takalon'ny ain'ireo ny dahalo. Ankoatra izay dia nandrahona ihany koa fa hovonoiny ireto nalaina an-keriny. Manao antso avo araka izany ny mponina sy ny fianakavian'ireto lasibatra ireto. Marihina anefa fa noho ny tahotra dia niezaka ny tsy nampandre mpitandro filaminana mihitsy ny fianakavian'izy telo lahy. Niangavy izy ireo ny mba tsy hanarahan'ny zandary na ny miaramila an'ireo dahalo ireo. Izany hoe nangataka mba tsy hidiran'ny mpitandro filaminana ny raharaha fa hanao fifampiraharahana amin'ny dahalo ny fianakaviana. Andrasana ny tohiny.

**Ariel D.**

Antsohihy

# Basy vita gasy 4 tratra tao anaty sakaosin'ny mpandeha taksiborosy

Basy poleta vita gasy efatra no sarona tao anaty sakaosin'ny mpandeha taksiborosy iray tany Antsohihy omaly. Mbola tsy niala fa vao hanainga teo amin'ny toby fiantsonan'ny fiara ho any Antonibe ilay taksiborosy tamin'io no tonga avy any ireo zandary nanao fisavana avy hatrany ireo entan'ny mpandeha hoentin' io fiara io. Nandritra izany no nahitana sakaosy iray an' ny mpandeha izay nahitana basy poleta vita gasy efatra. Fantatra fa tsy mbola tonga teo amin'io toeram-piantsonan'ny fiara io ilay mpandeha tompon'ilay sakaosy noho ny antony tsy fantatra. Nentin'ny zandry nankany amin'ny birao ity farany ary rehefa nojerena tao anatiny dia nahitana ireo basy ireo sy karapanondro ary kapa kiranila. Raha ny fijeren'ny mpitndro filaminana an'ireo basy dia fantatra fa mitovy amin'ny basy fampiasan' ireo dahalo mpanao fanafihana sy mpangalatra omby any ambanivohitra. Ahian' izy ireo ho basy haparitaka na ampanofaina amin'ny dahalo araka izany ireto fitaovam-piadiana tratra ireto. Mitohy ny famotorana. Fantatra fa efa misy ny fepetra raisin'ireo zandary any an-toerana ho fitandroana ny filaminana sy fandriam-pahalemana mialoha sy mandritra ary aorian' ny fetim-pirenena.

**T.H**

Ankadikely Ilafy

# Jiolahy maty voatifitry ny zandary

Nikasa hanafika tokantrano iray tao Mangarivotra, fokontany Andafiavaratra, kaominina Ankadikely Ilafy ireto jiolahy miisa telo nirongo fiadiana, omaly tokony ho tamin'ny 2 ora sy sasany maraina. Raha ny fanazavàna azo, nihanika tamboho izy ireo ary efa tafiditra tao amin'ilay tanàna mihitsy no taitra tampoka ny tompontrano nandre zavatra nitontona mafy tany ivelany. Nitazana nijery avy ao antrano ny tompon-trano ka ireo tokoa nisy olon-dratsy tafiditra ny tananany. Nampandrenesina avy hatrany ny zandary avy ao amin'ny borigady Ankadikely ka fotoana fohy taorian'izany dia tonga ireo. Mbola tratra tao amin'ilay tanàna ireo jiolahy ka raikitra ny fisamborana azy ireo. Nitsoaka nandositra ireo jiolahy raha vao nahita ny fahatongavan'ny zandary. Nisy ny fifanjevoana ka tamin'izany no nahalavo ity jiolahy iray ity, izay voatifitry ny zandary. Tafaporitsaka tao anaty haizina kosa ireo namany. Mbola tratra teny amin'ity jiolahy maty ity ny sabatra lavalela fampiasany. Tsy mbola nahazo na inona na inona ireto jiolahy ireto tamin'io satria mbola tsy tafiditra tao an-trano akory fa vao teo an-tokotany no raikitra ny fifanjevoana. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha amin'izao fotoana izao ka mandeha ny fanadihadiana sy ny fikarohana ireo jiolahy tafatsoaka.

**R.C**

Mandriambero Ambohidratrimo

# Nigerianina 2 lahy mpamatsy rongony mahery vaika voasambotra

Teratany nigerianina roa lahy, 37 taona avokoa, no voasambotry ny polisy misahana ny ady amin'ny zava-mahadomelina ny zoma lasa teo tokony ho tamin'ny 12 ora sy sasany, teny Mandriambero Ambohidratrimo, noho ny fivarotana sy famatsiana rongony mahery vaika. Nahazo loharanom-baovao ny polisy mikasika ny fisian'ireo teratany vahiny mivarotra zava- mahadomelina mahery vaika eny amin'io faritra io. Tsy niandry ela izy ireo fa vantany vao nandre izany dia nandeha nanao fidinana ifotony tany amin'ilay toerana voalaza ka tra-tehaka tao an-tranony ireo nigerianina ireo niaraka tamin'ny vehivavy iray 20 taona ary dia nosamborina avy hatrany. Nisy ihany koa ny fisavana natao tamin'io fotoana io ka nahitana rongony mahery vaika antsoina hoe « méthamphétamine » tao. Nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy natao famotorana izy ireo taorian'ny fisamborana. Araka ny fantatra dia izy ireo no mpamatsy ity rongony mahery vaika ity eny amin'iny faritra voalaza etsy ambony io. Fantatra ihany koa fa io vehivavy io dia sakaizan'ny iray amin'izy roa lahy ary mahafantatra ny asa ratsy ataon'izy ireo. Vita ny famotorana teny anivon'ny polisy ka natolotra ny fampanoavana omaly ny raharaha.

*Nisy ihany koa ny fisavana natao tamin'io fotoana io ka nahitana rongony mahery vaika antsoina hoe "méthamphétamine" tao.*

**Olona telo hafa**

Fa ankoatra azy ireo, nisy olona telo hafa, roa lahy sy ramatoa iray, voasambotra teny Bemasoandro Itaosy noho ny fivarotana sy fidorohana zava-mahadomelina hatrany. Rongony 30 fonosana sy rongony rarany 100 grama no sarona nandritra ny fisavana ny trano. Ankoatra izay, mbola nahitana fitaovana hafa fitsindromana roro, toy ny seringue roa sy capsule fandorana ary briquet, tao. Ilay ramatoa fantatra fa mpivarotra rongony ary ireo roa lahy kosa mpifoka ka ny iray amin'izy ireo efa mpamerin-keloka.

**T.H**

Ambohimangakely

# Mpanendaka 2 lahy tra-tehaka tao anaty lavaka

Raha handeha hamonjy fodiana iny ireto telo mianaka ireto, dia izy mivady sy ny zanany kely iray, no nisy mpanendaka roa lahy nanaraka avy ao aoriana teny Tsiafakamboa-Tsarahasina, kaominina Ambohimangakely, ny sabotsy lasa teo. Norahonan'izy ireo tamin'ny antsy sy vato avy hatrany izy telo mianaka mba hamoaka ny vola sy finday. Tafatsoaka ilay raim-pianankaviana ka lasa niantso vonjy haingana. Ilay ramatoa sy ilay zanany sisa taraiky teo ka ireo no norobain'ireo mpanendaka. Lasan'ireo avokoa ny vola sy ny finday tany aminy. Ilay rangahy tetsy andaniny efa nampandre ny zandary ka fotoana fohy dia tonga teny amin'ilay toerana ireo raha vao nahazo antso. Raikitra ny fanenjehana ireo olon-dratsy ka nifanampy tamin'ny zandary tamin'izany ireo mponina teny an-toerana.

**Voahodidina**

Rehefa tsy nahita lalana nitsoahana intsony ireo jiolahy, satria voahodidina ny toerana nisy azy, dia namonjy niafina tao anaty lavaka sisa no nataony. Trà-tehaka tao anatin'io lavaka niafenany io izy roa lahy ka tsy afa-niala intsony. Mbola tratra teny amin'izy ireo ny finday avy nangalariny ka efa naverina tamin'ny tompony. Notanana natao famotorana avy hatrany izy roa lahy ary natolotra ny Fitsaràna. Manentana hatrany ny hitohizan'ny fiarahamiasa toy izao ny zandary mba hamongorana ireo olondratsy.

**R.C**

MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

**MIREGLE**




## Hatsikana an-tsary

**Tsy mahafoy**




## Masoandro Miposaka

**Asa 16 : 25**

25 Ary nony mamatonalina, dia nivavaka sy nihira fiderana an' Andriamanitra Paoly sy Silasy; ary nihaino azy ny mpifatotra.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05

## Noho ianao...




## Ohabolana



**Aza manao omby tokana manaraka ny arivo.**

Ne soyez pas comme un bœuf qui en suit mille.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **2973**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 9 | | | | | | 2 | |
| | 4 | 7 | 6 | | 9 | 8 | 1 | |
| | 5 | | | 4 | | | 7 | |
| | 7 | 6 | 4 | 9 | 2 | | | |
| | | | | | | | | |
| | | 4 | 5 | | | | | |
| | | 5 | 3 | | 7 | 4 | 8 | |
| | | | 8 | | | | | |
| | 6 | | | | | 1 | | 2 |

Valin'ny laharana **2972**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | 3 | 6 | 5 | 9 | 2 | 4 | 7 | 8 |
| 2 | 7 | 5 | 3 | 4 | 8 | 9 | 6 | 1 |
| 8 | 4 | 9 | 6 | 7 | 1 | 3 | 5 | 2 |
| 5 | 2 | 7 | 1 | 3 | 9 | 8 | 4 | 6 |
| 4 | 9 | 8 | 2 | 5 | 6 | 1 | 3 | 7 |
| 3 | 6 | 1 | 7 | 8 | 4 | 2 | 9 | 5 |
| 9 | 5 | 2 | 4 | 1 | 7 | 6 | 8 | 3 |
| 7 | 1 | 4 | 8 | 6 | 3 | 5 | 2 | 9 |
| 6 | 8 | 3 | 9 | 2 | 5 | 7 | 1 | 4 |

Dinika mikasika ireo "Îles Eparses"

# Mbola tsy ao anatin'ny laharam-pahamehan'ny fanjakana

Tapa-bolana mialoha ny higadonan'ny faha-63 taona niverenan'ny fahaleovantena, mbola baraingo ny daty hanatanterahana ny dinika faharoan'ny Vaomiera iombonan'i Madagasikara-Frantsa hiresahana ny momba ireo nosy kely "Glorieuses, Juan de Nova, Europa et Bassas da India". Omaly, nampahafantatra ny lehiben'ny diplomasia malagasy sady minisitry ny Raharaham-bahiny, Yvette Sylla, fa tsy maintsy hisy ny dingana faharoa hiarahana midinika ny famerenana ireo harem-pirenena ireo saingy mbola tsy voafaritra ny fotoana hanatanterahana izany. Araka ny fanazavany, mbola mifantoka kokoa amin'ny fankalazana ny fetim-pirenena 26 jona isika amin'izao fotoana izao. Hodinihana amin'ny fotoana manaraka ny momba izay fitakiana ny fiandrianam-pirenena amin'ireo Nosy Malagasy ireo izay. Ny dikany, mbola manjavozavo tanteraka, mba tsy hilazana hoe efa very tanteraka ny fanantenana ny hiverenan'ny fiandrianam-pirenena amin'ireo nosy malagasy ankehitriny.

**Tsy hita taratra**

Raha ny zava-misy, samy niandry ny olom-pirenena mpanara-baovao hoe mba ho isan'ny adihevitra nandritra ny fihaonan'ny filoha Andry Rajoelina sy ny filoha frantsay Emanuel Macron nandritra ny fihaonan'ny roa tonta tao amin'ny lapan'i Elysé any Frantsa ny faran'ny herinandro lasa teo ny momba ireo tanintsika mbola bodoin'ny Frantsay ireo. Tsy hita taratra tao anatin'ny fampitam-baovaon'ny presidansa anefa ny momba izany ka heverina fa tsy noresahina mihitsy nandritra io fihaonana io. Raha tsiahivina anefa, isan'ny fampanantenan'ny filoha nandritra ny vanim-potoan'ny fampielezan-kevitra ny hamerenana ny fiandrianam-pirenena amin' ireo nosy malagasy ireo. Ka ho hita eo ny ho tohin'ny raharaha.

Mamy R.

"Mihava Tour"

# Maro ny endrika nisehoan'ny sakana, nanohitra hatrany ny ekipan'i Siteny R.

Araka ny fanazavana nomen' ny ekipan'ny depiote siteny Randrianasoloniaiko dia "Mihava Tour" 17 no vita, hatramin'ny alahady teo tany Morondava. Famoriambahoaka nahazoana alalana voarakitra an-taratasy, nosoniavin'ny prefe any antoerana, saingy ireny niaraha-nahita tamin'ny sary niparitaka teny amin'ny tambajotra sôsialy ireny ny fanakatsankanana nataon' ny mpitandro filaminana. Araka ny loharanom-baovao etsy ambony ihany dia tsy nanaiky lembenana hatramin'ny farany ny ekipan'ny "Mihava Tour" sy ny depiote Siteny manokana fa nanohitra ny mpitandro filaminana. Ary tanteraka ihany ny fihaonana nihainoana ny olana sedrain'ny vahoakan'i Morondava sy ny hetahetan'izy ireo. Tany Morondava ihany, araka ny loharanom-baovao etsy ambony, dia anaran'ny tompon'andraikitra ambony roa no voatonontonona ho nanome baiko ny fanakanana.

**Nisy ny nesorina tamin'ny andraikiny!**

Nisy mihitsy aza ny mpiandraikitra ny filaminana tao amin'ny mpanomana ny "Mihava Tour" no nosamborina, raha hitan'ny rehetra maso ny fisian'olona mamo, nitondra sora-baventy sady nitoratoraka. Azo sary ihany koa ny tomponandraiki-panjakana iray tany antoerana nanome baiko nisamborana ilay ekipan'ny depiote Siteny nampiandraiketina ny fitandroana ny filaminana. Araka ny loharanom-baovao etsy ambony ihany dia endrika maromaro no nisehoan'ny sakantsakana, nandritra ny "Mihava Tour 17" notanterahina. Nisy ny fanelingelenana ny tambajotra sôsialy, nanakantsakanana ny fiparitahan'ny vaovao eny amin'ny "facebook". Manginy fotsiny ny fanaovan'ny tomponandraiki-panjakana lalàna tampotampoka nanakanana ny hetsika. Ny "Mihava Tour" tany Andapa ohatra, niarahan'ny rehetra nahatsiaro fa nisy tomponandraiki-panjakana nesorina tamin'ny asany mihitsy !

*Distrika fito ambiny folo no notsidihan'ny solombavambahoaka Siteny Randrianasoloniaiko, hatramin'ny alahady lasa teo.*

V.R.

Misaona ny tontolon'ny asa fanaovan-gazety

# Nodimandry omaly i Mirana Razafindrazaka

Namoy namana ny fianakaviamben'ny mpanao gazety. Nodimandry omaly, teny amin'ny hôpitaly miaramila Soavinandriana i Mirana Razafindrazaka. Anisan'ny mpanao gazety vehivavy mavitrika sy mahafehy ny andraikitra nankinina tamin'ny i Mirana, ankoatra ny fahaizany miara-miaina amin'ny hafa. Efa nanoratra tao amin'ny gazety mpiseho isan-kerinandro "Midi Flash" izy. Maro ny fanofanana tanora efa nataony fony fahavelony ka anisan'izany ny lalàna mahakasika ny serasera sy ny fomba fanoratana ny teny ampiasaina amin'ny asa fanaovan-gazety sy eny amin'ny anjerimanontolo. Mpandrindra tetikasa maromaro mahakasika fampandrosoana i Mirana Razafindrazaka. Manana mari-pahaizana "Master II" amin'ny "Journalisme économique" izy ary nahavita fiofanana mpisolovava izay andraikitra nataony farany, talohan'izao nandaozany ny tany izao. Ankoatra izay, filohan'ny Ong CID (Communication Idea Development) ihany koa izy, nanomboka tamin'ny 30 mey 2021. Namela mananontena iray sy zaza 4 i Mirana Razafindrazaka. Izahay eo amin'ny Gazetiko dia mirary ny fanahiny handry ampiadanana ary mankahery ny vady aman-janany sy ny fianakaviana nilaozany.

Nangonin'i V.R.




**PRIERE MIRACULEUSE**



Doux cœur de Jésus, auparavant, je t'ai toujours demandé plusieurs faveurs. Cette fois-ci, je t'en demande UNE très spéciale (...) Prends-la doux cœur de Jésus et place-la dans ton cœur transpercé où ton Père la voit.
Ainsi sous ses yeux miséricordieux, elle deviendra ta faveur et non la mienne. Amen ! Dites cette prière 3 fois/jour et pendant 3 jours et votre prière sera exaucée miraculeusement.
N'oubliez pas de remercier Jésus avec promesse de publication.

Remerciements au doux cœur de Jésus pour faveur obtenue.

GCL 543/1-1 13/06/23 — Famille RAZANAJATOVO


## Marina izany !

### Tsy re tsaika!

**Mangina ny vaovao mahakasika ny dian'ny Filohampirenena any ivelany. Somary tompon-trano mihono mantsy ny olom-pirenena na dia ao anatin'ny zo fototra izany. Tsy re tsaika mantsy hoe oviana izy no nianga teto an-tanindrazana, noho ny tsy fisian'ny fampahafantarana ôfisialy? Iza avy no ao anatin'ny delegasiôna? Aiza avy no firenena hotsidihina ary iza avy no tompon'andraikitra ambony hihaona amin'izy ireo sy izay ho votoatin'ny lahadinika? Na izany na tsy izany, fantatra tamin'ny alalan'ny sary niparitaka teny amin'ny tambajotra sôsialy fa nihaona tamin'ny filoha Frantsay Emmanuel Macron ny filoha malagasy. Saingy tsy nisy fampahafantarana mikasika ny votoatin'ny resaka nifanaovan'ny andaniny sy ny ankilany. Vinavina fotsiny ny an'ny mpanara-baovao ny amin'ny hoe voaresaka tao ve ny mikasika ny famerenana ilay teratany frantsay tazonina am-ponja eny Tsiafahy, nosaziana asa an-terivozona 10 taona rehefa nohenjehin'ny fitsarana malagasy ho tafiditra tamin'ny raharaha « Apollo 21 » ? Io raharaha io izay tsiahivina fa anisan'ny voaresaka, nandritra ny fandalovan'ny sekreteram-panjakana frantsay misahana ny fampandrosoana, ny tany miteny frantsay ary ny fiaraha-miasa teto amintsika, tamin'ny volana mey lasa teo. Ankoatra izay, manitikitika ny saina ihany koa ny fanontaniana hoe : tao anatin'ny lahadinika ve ny mikasika ny ireo nosy ifandroritan'ny « *Reny Malala* » amin'i Madagasikara (Iles Eparses). Toy izany koa ny fanomanana ny fifidianan, tokony hotanterahina amin'ny 9 novambra ho avy izao, saingy nahabe resaka ny tsy fahampian'ny vola hanatanterahana izany. Antenaina fa hanome fanazavana ny delegasiôna amin'ny fiverenany an-tanindrazana!**

Voahangy Rakotozafy

Mgr Fabien Raharilamboniaina

# Notendren'ny Papa François hitantana vonjimaika ny diosezin'i Miarinarivo



**Ny Mgr Fabien Raharilamboniaina.**

Araka ny loharanom-baovao avy amin'ny vaomieran'ny Eveka ho an'ny fifandraisan'ny mpanara-belona eto Madagasikara, neken'i Papa François ny taratasy fametrahampialana nataon'i Mgr Jean Claude Randrianarisoa, Evekan'i Miarinarivo, hitsahatra amin'ny fitantanana pastôraly io diosezy io. Mifanindran-dalana amin'izany, notendren'i Papa François hitantana vonjimaika ny diosezin'i Miarinarivo ny Mgr Fabien Raharilamboniaina, Evekan'i Morondava am-perinasa sady filohan'ny fivondronamben'ny Eveka eto Madagasikara.

V.R.


**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces."

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Herinandron'ny fizahantany

## Tanjona ny hamerina ny lazan'i Madagasikara

Atomboka amin'ny fanadiovana faobe na "tourism cleaning day » eny Andohalo ary hitety ireo toerana manatantara sy fitsidik'ireo mpizaha tany eny amin'ny faritra avo ny herinandron'ny fizahantany, izay hanomboka anio 13 jona hatramin'ny 19 jona 2023. Iarahan'ny minisiteran'ny fizahantany amin'ireo mpiara-miombona antoka maro izany hetsika izany mandritra ny tontolo andro. Hanomboka rahampitso alarobia hatramin'ny 18 jona 2023 kosa ny "International Tourism Fair Madagascar" na ITM. Naverina ity hetsika ity rehefa tsy nisy nandritra ny telo taona noho ny fahamehana ara-pahasalamana.Tanjony kosa ny hamerenana ny lazan'i Madagasikara eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena sy fanasana ireo vahiny fanta-daza amin'ny sehatry ny fizahantany mba hanentana sy handray anjara amin'ny fivoriamben'ny firenena mikambana ao amin'ny "îles vanilles". Lohahevitra entina amin'ity taona ity ny fizahantany lovain-jafy, izany hoe mba ho afaka hisitraka ny tombontsoan'ny fizahantany ny rehetra. Amin'ny zoma 16 jona, hisy ny fanolorana maripankasitrahana ireo mpiantsehatra amin'ny fizahantany rehetra nandray anjara tamin'ny fampahafantarana an'i Madagasikara sy nampiroborobo ny fizahantany ary faranana amin'ny alin'ny fizahantany izany. Ny alatsinainy 19 jona kosa, no hanokafana amin'ny fomba manetriketrika ny rovan'i Manjakamiadana ary hatrehan'olomanan-kaja ambony maro izany fotoana izany.

**Nath**

Filankevi-pirenen'ny SECES

# Potika ny lalana, tsy voahaja ny demokrasia sy ny fahalalahana maneho hevitra

Namoaka fehin-kevitra ny filankevi-pirenen'ny SECES taorian'ny fivoriambe nataon'izy ireo ny zoma lasa teo, ka isan'ny teboka mila jeren' ny fitondram-panjakana ny fiainam-bahoaka. *"Tafahitsoka anaty fahantrana lalina ny firenena, very fanahy mbola velona ny vahoaka tsy mandady harona, manjaka ny tsy fandriam-pahalemana, potika avokoa ny lalana, tsy voahaja ny demokrasia sy ny fahalalahana maneho hevitra, ahiana ny hisian'ny fifandrafiana sy ny ady an-trano, tsy mety mandray lesona tamin'ny tantara ny mpitondra"*, hoy ny SECES. Miantso ny manam-panahy sy ny avarapianarana rehetra 'zanaky ny firenena' ny SECES mba samy hisaina sy hampiseho firaisankina ho fitandrovana toy ny anakandriamaso ny firaisam-pirenena sy ny maha iray tsy mivaky ny Malagasy, ka samy hampandefitra ny hambom-po politika tsy mitondra mankaiza, no sady hifampihaino sy hikaon-doha mba hahitana vahaolana miaraka tena malagasy ho fampandrosoana amin'ny sehatra marolafy ny firenena. *"Manambara ny SECES fa raha tiana ny hisian'ny fampandrosoana maharitra eto Madagasikara dia fiovam-penitra marolafy, lavitry ny fijabajabahan'ny avy any ivelany, mampanjaka ny hasina sy ny soatoavina tena malagasy isam-paritra, no tsy maintsy hajoro eto amin'ny tany sy ny firenena. Eo anatrehan'ny fahatapahan'ny jiro sy ny rano saika manerana ny Nosy, dia miantso ny Filoham-pirenena ny SECES mba handray fanapahan-kevitra hentitra ka hampiasa ny vokatra tena malagasy avy eto antoerana, dia ny solika mavesatra mivoaka ao Tsimororo manomboka izao. Fantatra fa sady mora ny vidin'io solika mavesatra io no tsara kalitao raha ampitahaina amin'ny solika mavesatra hafarantsika avy any ampitan-dranomasina. Tsy ambakan'izany koa ny fampiasana ny angovo azo havaozina"*, hoy hatrany ny SECES.

**Heriniaina A.**

Fifanakalozana ara-barotra - Fanarenana taorian'i Freddy

# Namatsy vola 1,8 tapitrisa Dôlara ny Banky Afrikanina

Manohana ny fampandrosoana eto Madagasikara ny Banky Afrikanina ho an'ny Fampandrosoana, na ny BAD. Nanome fanampiana ara-bola mitentina 1, 8 tapitrisa Dôlara (manodidina ny 8 miliara Ariary) ho an'ny fanjakana malagasy ity rafitra ara-bola afrikanina ity. Hamatsiana ny tetikasa manohana ny fampandehanana ny vondrom-barotra afrikanina ZLECAf (Zone de Libre Echange Continental Africaine) eto Madagasikara ny 1,3 tapitrisa Dôlara. Hotohanana ny fametrahana rafitra hanatanterahana ny ZLECAF andaniny, ary hahetsika ireo mpisehatra rehetra, indrindra fa ny avy amin'ny sehatra tsy miankina ankilany. Hanamora ny fifanakalozana arabarotra eo anivon'ny kaontinanta Afrika ny fidirana ao anatin'ity vondrom-baritra ity no sady azo itandrahana lalam-barotra vaovao. Ny 500 000 Dôlara kosa dia natao hanampiana ireo vahoaka tra-pahasahiranana taorian'ny fandalovan' ny rivodoza Freddy farany teo. Tsy latsaky ny 32 000 ireo olona sahirana hisitraka fanampiana ara-tsakafo amin'ny alalan'ny fizarana vary 342 taonina, voamaina 57 taonina ary menaka 34 taonina. Iarahana amin'ny fandaharanasan'ny firenena mikambana misahana ny sakafo na ny PAM sy ny Birao nasionaly misahana ny fitantanana ny tandindon-doza sy ny loza na ny BNGRC ny fitsinjarana ireto sakafo ireto.

**R. Muray**

Iray volan'ny ankizy

## Mitohy ny famalifalian'ny Minisiteran'ny mponina amin'ny hetsika maro

Efa fahazarantsika eto Madagasikara ny fanomezana ny akilonga iray volana ho azy ireo ankoatra ny volana desambra izay efa azy ireo rehefa ho tonga ny Noely. Amin'izao hetsika fankalazana ny iray volan'ny ankizy izao dia tsy diso anjara ireo ankizy zanaky ny mpiasa eo anivon'ny Minisiteran'ny Mponina sy ireo ankizy beazina ao amin'ny ivontoerana SEBA sy MADCAP Isotry. Ny sabotsy maraina teo no nanatontosana ny "danse contemporaine" tao amin'ny "Alliance Française" Andavamamba ary ny tolakandro kosa dia niaraka nijery sarimihetsika mitondra ny lohateny hoe "les aventures de petit gourou" izy ireo. Nifalihavanja ny ankizy ary afa-po avokoa nandritra izao fotoana nampifaliana azy ireo izao. *"Tiako be ilay izy ary mbola te-hijery sarimihetsika hafa natokana ho anay ankizy aho amin'ny manaraka. Mahafinaritra be ilay "dessin animé" teo"*, hoy i Andry, ankizilahy kely iray isan'ireo nanatrika ny hetsika teny an-toerana. Tonga nanotrona sy nifanosina tamin' ireo ankizy nisolo tena ny Minisitry ny Mponina Soafilira Princia ny Tale misahana ny ankizy sy ny fianakaviana. Ny nahafinaritra dia nandray anjara tamin'ny dihy ihany koa ireo ankizivavy kely.

**Heriniaina A.**

Fetim-pirenena

# Entanina ny ray aman-dreny hanjifa ny harendrina vita malagasy

Roa herinandro mahery sisa dia higadona ny fetim-pirenena. Mba hahafahan'ny mpanao asa tanana miary, entanina ny Malagasy rehetra hanjifa ny harendrina vita malagasy. Maro karazany ary efa miezaka manatsara ny kalitao sy ny bikany ireo mpamokatra harendrina vita malagasy ankehitriny. *"Vao manomboka ny volana jolay dia efa manomboka ny asa izahay. Fony fahakely dia efa nanao harendrina foana i Dada sy i Neny. Aman' alina isan-taona ny harendrina vita ary mandefa any amin'ny faritra fa tsy eto Antananarivo ihany izahay. Misy olona dimy izahay dia samy miaraka miasa ao, misy fotoana aza maka ankizy manampy amin'ny "finition".*"hoy i Mialy, mpanamboatra harendrina raha nitafa taminay. Anisan'ny mbola olana ny fikarohana ilay vy atao tahony, hoy hatrany izy nanohy. Manomboka amin'ny 500Ar hatramin'ny 15 000Ar ny vidin'ny harendrina. Na miakatra aza anefa ny masonkarena, tsy afaka nampiakatra be ny vidin'ny harendrina ireo mpanao asa tanana noho ny fitobaky ny entana vita sinoa eto. Iaraha-mahita tokoa fa mirantiranty, mamirapiratra ary mirehitra mahafinaritra amin'ny karazana loko maro ny kilalao vita sinoa. Mora roboka amin'izy ireny ny kilonga eo anatrehan'izany, na eo aza ny vidiny izay somary manatombo kely.

Ara-tantara, fomba izay lasa kolontsaina malagasy ny fanaovana sy fitondrana harendrina. Nolovaina tamin' ny fetin'ny Fandroana fony fitondran'Andriana izy io. Ny fandroana dia andro lehibe na atao koa hoe asaramanitra izay noheverina ho fetimpirenena malagasy fahizay.

**Nath**

Fanadiovana ny lakandrano C3

# Hafindra toerana ireo mponina manodidina

Asa maika miandry ny tanànan'Antananarivo Renivohitra ny fanadiovana ireo lakan-drano lehibe. Fotaka eo amin'ny 115 000 metatra toratelo ($m^3$) no heverina hoesorina ao amin'ny lakandrano C3, izay mirefy eo amin'ny 12 Km, manomboka eny an-tampon' Anosibe ka hatreny Ambodimita ary mamakivaky tanàna maro dia Andavamamba sy 67 Ha ary Antohomadinika. Tsy maintsy hafindra toerana ireo mponina manodidina ity lakandrano ity mba hahafahana manatanteraka ny asa amin' ny antsakany sy andavany. Efa miverina rahateo ny asa fanamboarana fotodrafitrasa eny Andavamamba ataon'ny PRODUIR (Projet de Développement Urbain Intégré et de Résilience), izay toerana hametrahana ireo olona hafindra toerana. Efa nanaovan'ny Minisiteran' ny fanajariana ny tany sy ny fananan-tany fangatahana ny fanomezan-dalana ho an'ity tetikasa ity hanao ny asa fanotorana tany. Taorian' izany dia nahazo fahazoandalana manokana ny PRODUIR hanao ny asa fanotorana tany eny Andavamamba. Hatsangana amin' io toerana io ny trano fonenana manara-penitra 29 misy rihana ho an'ny tokantrano marefo 84. Hisitraka fotodrafitrasa hafa, toy ny tsena, toeram-panasandamba, paompin-drano, sns, ireto mponina ireto. Kendren'ity tetikasa ity ny fanatsarana ny fari-piainan' ireo olona sahirana monina amin'ny faritra marefo amin' ny alalan'ny fampandrosoana maharitra ireo filàna fototra sy ny fahafahana miatrika ny loza. Miasa amin'ny fanatsarana ny fitantanana eo anivon'ny kaominina sy ny tanàna koa ity tetikasa ity sady manomana amin'ny mety ho fiavian'ny loza vaovao.

**R. Muray**

**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA

**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06

**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo B.P. 1414 - Antananarivo

Tél : 22 697 79 / 22 697 80

Fax. 22 273 51

e-mail : midigazetikom@gmail.com

D.L.I : 16 128- 06 - 23

Isan'ny natonta : 25 000

## Nahandro

### Fricassée de poulet aux poivrons

Ho an'ny olona: 4

Fotoana hiketrehana azy: 15 mn

Fotoana hikarakarana azy: 10 mn

**Akora Ilaina** : Akoho, voatabia, tongolo, dipoavatra, rano, menaka, sira

**Fomba fikarakarana** : Asiana sira sy dipoavatra ny akoho dia endasina ho mendy.

Manao "sauce tomate" ary "oignon". Arotsaka ny poivrons voatetika vaventiventy. Tsy atao masaka be. Arotsaka ny akoho mendy, asiana rano kely sy sira kely. Avela hangotraka dia vita.

Raha akoho gasy no ampiasaina dia aleo andrahoina halemy aloha dia rehefa ritra vao asiana menaka ho mendy.